149 *Ankasitrahantsika ny Vidim-panavotana*

(Lioka 22:20)

1. Jehovah ô,
maniry hisaotra anao 'zahay,
Satria sorona lehibe
no nataonao ho anay.
'Lay Zanakao, foinao
ho anay olona ambany,
Ka tsy misy fitiavana
lehibe noho izany.

(*AVERINA ISAN'ANDININY*)
Maty izy mba ho fiainanay.
Ny rany no namonjy anay.
Amin'ny fo,
hisaotra anao 'zahay mandrakizay.

2. Tia anay koa Kristy
matoa nanao hoe: 'Eny!'
Aina lavorary ny azy
kanefa nomeny.
Taloha 'zahay dia kivy
tsisy nantenaina,
'Zao kosa manantena
hoavy tsisy taraina.
(*Averina isan'andininy*)

© 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

(Jereo koa ny Heb. 9:13, 14; 1 Pet. 1:18, 19.)